

Ny sarin'io olona io, dia tahatahaka an'i Mick Jagger mbola tañóra. Tsy esorina ny añaran'iláy fiangoñana nefa dia efa very hasina tamin'izáy nahafiangoñana azy ny traño. Ao Arles ihány io toerana sy traño voatóndro eto io. Feno fiangoñana hafaháfa tahaka izáo eran'i Fijràşa.



Tsy misy mpivavaka intsóny angamba ao Arles ao, egil'jin'i Masimbávy Anne Renin'i Masina María io izáy navadika ho hôtely. Tsy esorina akóry ny anaran'ny traño.



Seranantsambon'ny reniranon'i Arles.



2634. Inona marina no atáo hoe : fivavahana sy Andriamañitra, ho an'ny Tany mandróso?
2635. **Nisy fanadihadiana momba ny rahalahin'i Jesóa Kĩriřitý, tañy amin'ny Tany sy ny Firenéna Mandróso maro, hono, ho an'ny Finoana Kĩriřitiáñã.** 2636. Izáo no zavatra navoakan'ny fanadihadiana. 2637. Nañambáran'ny fanadihadiana fa saika ny olona rehéra izáy nañontaniana mihítsy no nañizingiziña fa tena rahalahin'i Jesóa Kĩriřity Andriamañitra, iréo « **Olona** » izáy voatondron'ny Evázilã ho « **Rahalahiny** » iréo.

2638. **Tsy diso, hoy ny olona rehéra ny Evázilã.** 2639. Tena rahalahin'ny Andriamañitra Jesóa Kĩriřitý iréo olona iréo. 2640. Antitranterina fotsiny izány ny raikipóhy izáy efa nafatotsika sy efa nofehezintsika tahaka izáo mañaraka izáo.

2641. **Tena Virijíny mandrakizáy doría alaováo améñã i Masina María Virijíny Renin'Andriamañitra Jesóa Kĩriřitý.** 2642. Tsy virijíny mandrakizáy doría alaováo améñã kosa anéfa izy raha tsy nanaña zanaka tamin'ny alálan'ny firaisany ara-nofa araka ny lalánan'ny mahampivády tamin'i Masindáhy Zôjéfa. 2643. **Virijíny mandrakizáy doría alaováo améñã i**

Masina María satria niteraka zaza maro rahalahin'i Jesóa Kĩriřitý Andriamañitra tamin'i Masindahy Zójéfa izy.

2644. Talohan'ny Fetin'izy Masina María tamin'ny 15 aogořitra 2010, no nandrenesako ny valim-pamakafakána, tañy Fĩrřa aho tamin'izány andro sy vintana izány. 2645. Nambaran'ny vaováo samy hafa tañy ivelañy tañy ny valin'izány famakafakána izány.

2646. Sendra tañy Lourdes tañy tsara izaháy tamin'izány andro izány. 2647. Hatramin'izáy Nahalourdes an'i Lourdes, dia voalohany nandřitra ny fetin'ny 15 aogořitra 2010, no nisehoan-javatra hafaháfa tahaka izáy niañana izáy, tao Lourdes tao.

2648. Nisy antso antaribý izáy niláza fa misy bõba mahéry vaika tañy añaty Bajilĩka tao Lourdes tao tañy. 2649. Navoaka dahólo ny olona anketsiny maro. 2650. Vetivéty foaña, dia hita ny toerana izáy niaingan'ny antso an-taribý. 2651. Tsy ho fantatra na oviana na oviana kosa angámba izáy olona nanáo izány antso izány. 2652. Tena nivañaka sady gaga tokóa noho ny hatairana sy noho ny hatezerana ny mpanáo fivahinianana masina rehéra.



2653. Tena mino ny ankamaroan'ny olona fa hisy fipoahan-javatra, toy ny fikorontañana, izáy handrakotra ny tany rehéra atsy ho atsy. 2654. Ato añatin'ny efapólo taona raha ela indrĩndra, no itombañtombañin'ny sasañy ny fotoam-piaviany. 2655. Ny azo antoka dia toa hoe : avy ao Fĩrřa ao, hono, no hiavian'izány fipoahana izáy hahatsiravina noho ny hahatsiravina izány ;

- ampahatsiahivina fotsiny fa tatý Madagasikára no nanomboka ny fipoahana izáy lasa niély eran'ny Kõtináta Afĩrikáñā indrindraindrĩndra, satria dia ny taláta 17 mariřa 2009, no nitsingidiña teo amin'ny Fitondrana an'i Madagasikára i Marc Ravalomanana.

2656. Indro fa nanomboka tokóa koa ny an'ny Arábo-řilámo. 2657. Hatraiza no mety ho fetra izáy tokony hiañana an'izány fisamboaravoarana izány? 2658. Nanomboka sahády hatramin'ny datin'ny 17 deřābĩra 2010 ve ny fifandoñan'ny rafi-piaraha-monina samy hafa (choc des civilisations) é ? 2659. Mandra-piandry an'izáy mety ho avy dia maro ny fialám-boly izáy volén'ny olombeloñin'ny Tany sy ny Firenéna Mandróso.

2660. Zava-dehibé ao añatin'ny fiañan'ny olombeloña, hoy izy iréo, ny Fialambóly. 2661. Tsy misy fiañana vañona, hoy izy iréo, raha tsy misy fialambóly izáy ahazoan'ny olombeloña rehéra iriariavana ao añatin'ny fitovizana tanteraka na dia samy manaña izáy mahaizy azy avy aza ny tsirairáy avy. 2662. Dia izány no hita sy iaiñana aña amin'ny Tany Mandróso rehéra aña.

2663. Namángy an'izáy toerana mahafinaritra tokóa izáy, izáy atáo hoe : **marineland** izaháy. 2664. Azo adĩka tsotsótra hoe : sahandranomasina izány toerana izány. 2665. Tarihina ho aña antanéty ny ranomasina. 2666. Ampidirina ao avokóa rehéfa mety ho biby sy zavamananaiña ao añaty Ranomasina ao. 2667. Misy tñéļā izáy mitóndra ny taiña hiditra aña añaty ranomasina aña. 2668. Dia hita mivezivézy mañodidiña ny taiña avy amin'ny lafiny efatra sy ny zorony valon'ny sahandranomasina ny Zavamananaiña samy hafa rehéra.

2669. Betsaka ny olona izáy tena mangovitra mihĩtsy raha mahĩta itóny Antsántsá mandehandéha eo ambonin'ny lohany eo itóny. 2670. Mahatrátra fito ambin'ny folo řātmetatra ny hatevin'ny fitaratra izáy mitazona ny ranomasina. 2671. Manidiña dia tena manidiña anéfa ny saiña sy ny fo amam-pañahin'ny olona sasañy ka tsy mahatóky azy ny fitaratra izáy mampisaraka azy amin'ny

ranomasina. 2672. Lazain'iréo mpitaridalana fa misy ny olona izáy saika mandraiki-maráry mihítsty ka tsy tia viloña ny hiveriña intsony ao añaty tñéñā ao.

2673. Satriá moa, hono, mañámpy amin'ny fitsaboana ny aretina samy hafa ny fifaneraserána amin'ny biby, dia maro iréo sembana isan-karazañy no entin'ny olona tomponandraikitra amin'ny toerana tahaka izány. 2674. Nanaitra ahy, tamin'izány andro izány, ny fahitána tañóra sembana maro tokóa izáy notarihin'ny tomponandraikitra tañy an-toerana. 2675. Teo añelañelan'ny 15 ka hatramin'ny 25 taona, raha araka ny filazán'ny olona nitarika azy iréo tamiko, ny taonan'izy iréo.

2676. Ny nanintona ny saiko, dia ny tsy mba nahitako afa-tsy fotsy hoditra fotsiny ihány, tamin'iréo sembana iréo. 2677. Tsy mba manañ-bola handefasana ny azy iréo ho notsaboana ve ny hafa volon-koditra ? 2678. Notazoniko ho ahy iréry monja fotsiny madiña ihány ny fañontaniana. 2679. Nahatrátra dimy amby roapólo ny isan'iréo sembana no hitako iréo.

2680. Misy, hono, olona izáy miláza ary mino fa mba hialána amin'ny fahatetehan'ny isan'ny zaza izáy mety ho teraka sembana, dia aléo mivády samy hafa volon-koditra; roa no isan'ny zaza tian'ny vehivávy Fĩrāşáy hateraka ao añatin'ny fiainany ;

- dimy ka hatramin'ny roa ambinin'ny folo kosa no isan'ny zaza ateraky ny vehivávy fĩrāşáy şilámo anakiráy.

2681. Fitadiavana ny marina dahólo no anton'izány. 2682. Raha mandálo añy Marineland (**Marineland**) añy io año io, dia ho lasamboroña noho ny fahitána iréo bibin-dranomasina goavambé ka mety hahatrátra añy amin'ny folo taonina añy ho añy ny lanjan'ny anakiráy, kanéfa dia fatrapañaiiky iréto olombeloña izáy zara raha mahatrátra fitopólo kilogĩrāñjā fotsiny fa mpikarakára (**soigneur** et **non dresseur**) an'izy iréo. 2583. Fanimbána an'iréo biby iréo ve ny fitazonana azy iréo tahaka izáy natrehana tao Marineland é? 2584. Azo heverina ho famonjéna an'izy iréo ve ny fahatongavan'izy iréo tao Marineland é?

2585. Manintona ny olombeloña tsy ankanavaka ny fahitána ny zavatra izáy ataon'izy iréo. 2686. Mbola fitadiavana ny marina ve izány rehéttra izány?

2687. Ivaraiñako kely mba ho fintiñin'ny tañy alóha tañy, ny amin'ity fahamarinana iráy loha ity. 2688. Ny Baibóly Masina Teşitaméta Talóha dia miláza fa ny Masoandro no mihodiña mañodidiña ny Tany. 2689. Tonga i Mõpéra Põlõné Nicolas Copernic. 2690. Nambarany fa ny Tany no mihodiña mañodidiña ny Masoandro. 2691. Nohelohin'ny Egĩljy Katõlíka Rõmāñā ho dorana veloña izáy olona nañaiiky izány fañambarána izány.

2692. Niaña indráy koa i Mõpéra Italiñā Giaordano de Nola. 2693. Nañaraka ny filazán'i Nicolas Copernic izy. 2694. Nitariny anéfa iláy fañambarána. 2695. Tsy io Tontolon'ny Masoandro io ihány, hoy izy, no misy fa tontólo izáy miśsa tsy hita isa tahaka an'io; ary misy zava-miaña koa añy amin'ny toerana ivlañin'ny Tany añy.

2696. Teo amin'ny lafiny zotrahéndry moa, dia nafatony tamin'ny raikipóhy izáy *mandó mandó* hoe ny heviny : « **voafétra ny olombeloña amin'ny mahairéry azy** » fa « **tsy voafétra ny olombeloña amin'ny mahaolombeloña azy** » (ou l'homme est fini en tant qu'individu mais infini en tant qu'homme). 2697. Nasaina nitsipaka ny heviny i Mõpéra Giordano de Nola, satriá dia nohiziñgiziñina taminy fa mitsipaka ny Baibóly Masina Teşitaméta Talóha ny fahamarinana izáy tazoniny. 2698. Tsy nañaiiky izy. 2699. **Nasain'ny fitsaran'ny fikambanambén'ny Karĩdinālā Katõlíka Rõmāñā ho dorana veloña izy tamin'ny 17 fevrié 1600.**

2700. Efa voalazantsíka tañy alóha tañy izány rehéttra izány. 2701. Ny antony ameraiñako azy eto, dia noho izáo antony mañaraka izáo. 2702. Nahavíta ny Masolavitra voalohany tao añatin'ny tantaran'ny olombeloña ny manañpahaizana italiñā izáy antsoina hoe : Galilée. 2703. Tamin'ny taona 1609, dia natodiñy tañy amin'ny lañitra ny masolaviny. 2704. Dia nihiaka hafaliana izy ary dia nitatatátá nañambára fa marina tanteraka araka ny fahamarinana şiatífika ny voalazan'i Nicolas Copernic ; efa nañambára hatramin'izáy ihány koa anéfa ny Egĩljy Katõlíka Rõmāñā fa tsy maintsy mitandrina tsara tokóa ny amin'izáy hevitra teraka avy amin'ny famakiana ny Baibóly Masina kanéfa mitsipaka sy manohitra ny fivoasan'ny Egĩljy Kaatõlíka, ny olombelona izáy misého azy iréo ho Katõlíka rehéttra.

2705. **Nentina notsarain'ny Fikambanambén'ny Karĩdinālā Katõlíka Rõmāñā izy.** 2706. Nasaina nitsipaka ny fahamarinana şiatífika izáy manohitra ny fahamarinan'ny Baibóly Masina Teşitaméta Talóha izy. 2707. Tsy mbola no te-ho faty izy ka dia sahy nitsipaka ny fahamarinana tsy no azo lavin'ny şiaşy izáy noporofoin'ny masolaviny. 2708. **Nefa, hoy izy, hino foaña aho fa ny Tany no mihodiña mañodidiña ny Masoandro.**

2709. Rehéfa notohizin'ny Manañpahaizana amin'izáo fotoana iaiñantsíka izáo ny fahamarinana şiatífika izáy nambaran'i Nicolas Copernic ary nohatsarain'i Giordano de Nola ka noporofoin'i Galilée, dia niafára añy amin'ny Big Bang ny vokany. 2710. Mino ny olombeloña rehéttra amin'ny alálan'ny manañpahaizany fa mitotály eo amin'ny zato lavitrísá (**100 000 000 000**) eo ho eo

no isan'ny tontólo tahaka ny an'ny Kintana Masoandro ka mitambatra ao añatin'ny Galakšiansika ao. 2711. Azo heverina hiisa aña amin'ny zato lavitrisa (**100 000 000 000**) aña ho aña koa anéfa ny isan'ny Galakšia izáy misy antsika. 2712. Ny eritreritsika sy ny fisaiñantsika dia tsy voafetra amin'ny mahaolombeloña antsika ka afaka hamisavisa an'izány :

- ny isan'ny Kintana ao añatinan'ny Tontolontsika izány dia :

100 000 000 000 x 100 000 000 000= 10 000 000 000 000 000 000 ;

- tsy fantatra izáy metimety ho isan'ny Pīlanétin'ny Kintana anakiráy tahaka ny Masoandro, fa raha heverina ho manaña Pīlanéta folo ny Kintana tsirairáy avy,

- dia ho **100 000 000 000 000 000 000 000** izány ny isan'ny Pīlanetin'ny Tontolontsika. 2713. Noho izány dia mino ny olona rehéra fa tsy isika iréry ihány no voaary manaña sy misaiña ao añatin'izány tontolontsika izány ao.

2714. Momba ny fahamarinana mikasika an'i Masina María no ampitahatahaintsika amin'izáy voaláza eto ny amin'ny fijerena ny fahamarinana mikasika azy. 2715. Azo heverina ho fahamarinana šiätifika ny filazan'ny Evāzīlā fa nanaña rahalahy i Jesóa Kīrišitý Andriamañitra. 2716. Toñoniny sy vetesiny ary nampandriany an-tsoratra mihitsy ny añaran'iréo olona ireo.

2717. Fantatry ny Olona izáy nanoratra ny Evāzīlā Efatra fa hianjéra teo an-tañan'ny olona izáy voatoñona sy ny olona maro be sady sesehéna izáy nahalála ny fianakavian'i Jesóa Kīrišitý Andriamañitra ny soratr'izy iréo. 2718. Tsy hisy olombeloña hieritreritra fa nanoratsora-poaña izy iréo satria dia olon-gaigy na olona dondrona sy adála, no nety ho nanoratsoratra tahaka izány. 2719. **Mino ary hino foaña mandrakizáy aho RADANIELINA Ignace Marie Julien, araka izáy voalazán'ny Evāzīlā izáy tsy mety diso fa nanaña rahalahy sy anabávy i Jesóa Kīrišitý Andriamañitra.**

2720. Noho izány, dia fahamarinana šiätifika ny voalazán'ny Evāzīlā Efatra hoe : **nanaña rahalahy sy anabávy i Jesóa Kīrišitý Andriamañitra ;** ny fanoñonana sy ny fañambaran'ny Olona izáy nanoratra ny Evāzīlā Efatra ny añaran'iréo rahalahin'i Jesóa Kīrišitý Andriamañitra iréo, dia porófo azo tsapain-tañana ka tsy azo lavina ny amin'ny fisian'izy iréo teo afovoan'ny fiarahamoniny. 2721. Ampiakao fotsiny madiña monja ihány hoe anéfa : **mino ary hino foaña mandrakizáy aho RADANIELINA Ignace Marie Julien fa virijiny mandrakizáy doría alaoválo améñā i Masina María Virijiny Renin'Izy Tompo Jesóa Kīrišitý Andriamañitra.** 2722. Hain'ny Zotrazañahary (teólôzia) Katólíka Rômánjā tsara ny mamoaka tsy misy tomika an'izány fahamarinana izány.

2723. Eo añatrehan'izány, dia soa sady tena tsara tokóa, ny mba mamángy vohitr'i Masina María anakiráy ao añatin'ny maro. 2724. I **Massabielle** (Maşabiélā) izáy vohiny ao añatin'ny Tanánan'i Lourdes (**Lorjda**) no asaiko vakináno ny tantarany, satria dia efa maro tsy tambo isaina intsóny ny boky izáy voasoratra momba azy ka mety ho hitanáno amin'ny toeram-panovozan-kevitra sy ny traño fivarotambóky samy hafa. 2725. Mampieritreritra sady tena mahatonga saiña tokóa ny miaiña ao añatin'io Vohitr'i Masina María ao Lourdes ao io, eny fa na dia ho mandritra ny indráy andro monja madiña fotsiny ihány aza.

2726. Ny tanánan'i Lourdes, dia toerana nanaña ny tantarany tokóa fahíny sy fahagolan'ny tany. 2727. Tobin'ny Tafika izy tamin'izány fotoana izány. 2728. Nony nihatsára anéfa ny fandriampahalemana tamin'ny taonjato fahaválo ambin'ny folo tañy Fīrāşa tañy, dia no very tanteraka ny lazany. 2729. Niála azy ny Tafika. 2730. Nangína tanteraka izy.

2731. **Nangína tanteraka izy mandrapiavin'itý Tovovávy kely izáy nantsoina hoe : Bernadette Soubirous itý.** 2732. Lavitra ny traño nonaiñan'ny Fianakaviany ny kirihitrála izáy nangazány kitáy izáy antsoina hoe : **Massabielle**, raha ny fahitáko azy. 2733. Ny ankízy moa dia ankízy ihány, satria mbola no efatra ambin'ny folo taon izy tamin'izány andro izány, ka dia sady milaláo izy no manáo izáy nampanaovina azy.

2734. Tsy misy izáy fifandraisany intsóny tamin'izáy nahavohitra feno kirihitrála azy fahíny i **Massabielle** ankehitríny. 2735. Mítóvy amin'ny fangehantsika foaña hatramin'izáo ny tsenan'Analakély. 2646. Tsy mahíta ala intsóny aña Analakélin'Antananarívo isika amin'izáo fotoana izáo. 2737. Feno olona anketsiny isanandro ao **Massabielle** ao.

2738. Olona avy amin'ny vazamototra efatry ny Tany. 2739. Samy manaña ny fiteniny. 2740. Mahafinaritra ny mahatsápa fa tokana tanteraka ny Egīlty Katólíka Rômánjā, satria dia samy mihitra feon-kira tokana amin'ny fiteniny avy ny olona añ'aliñy maro. 2741. Dia samy gaga. 2742. Dia samy mifampijerijéry fotsiny. 2743. Fivavahana sy fangatahana miaraka amin'i Masina María sy miaraka amin'i Masimbávy Bernadette Soubirous ny fitahian'Andriamañitra Tjirinité Masina {izáy tsy inoan'ny antokom-pinoana pīrôtesitáta} no aléha ao **Massabielle** ao.

2744. Tsy hitako izáy fomba hitantarána ny zavatra hita sy iaiñana fa dia ny fo sy ny saiña amam-pañahy fotsiny monja madiña ihány no afaka hamatováto ny hakitroka sy ny lanja ary ny havesatry ny fahatsapána ny fisian'izány Fanjakan'ny Mihoa-Maso izány, amin'ny alálan'ny fisian'io **Massabielle** io. 2745. Tsapa mihitsy, amin'ny toerana toy itóny, ny fahamasinan'izány atáo hoe :

fihaoñana mivantaña amin'Andriamañitra Tjirinité Masina izány. 2746. Voailika ka tsy misy intsóny ny lafiny fañelañelañana eo amin'Andriamañitra Tjirinité Masina sy ny olombeloña tahaka ny taiña, toy ny firafitry ny Egiljy isan-tokony avy.

2747. Raha ny finoana Kijirijianā Katolika Rômanā anéfa no jeréna, dia tsy misy mihitsy izány zavatra izáy azoko atáo hoe : mandéha ho azy izány. 2748. Mandálo amin'ny fañelañelañan'ny olombeloña avokóa, amin'ny alálan'ny lamina izáy voapetraka sy efa voasédra ny fampiharana azy, ny fihaoñan'ny Olombeloña amin'Izy Andriamañitra Tjirinité Masina.

2749. Mandálo amin'ny Batémy alóha. 2750. Satriá Şakiraméta izy, dia tsy maintsy raisina amin'ny alálan'ny « **Olombeloñin'ny Şakiramétan'ny Filaharana** » ny fandraisana azy. 2751. Marina fa mety misy ny atáo hoe : **batémy ankamehana** fa zavatra hafa indráy izáy.

2752. Satriá no saro-piterahana ny Reniko izáy niteraka ahy, ka dia nataon'ny Raiamandrenim-piangonana batémy ankamehana alóha aho. 2753. Tatý aorian'izány, vao nataon'ny Pjirétra batémy indráy aho. 2754. Tena mpinon'ny Fiangonana Katolika Rômanā aho izány alóha hatramin'izáo efa mahalahiantitra ahy **RADANIELINA Ignace Marie Julien** izáo. 2755. Talóha dia Itompokoláhy Môpéra Rémy Ralibéra no nopetahan'ny vahoaka ny añarambositra hoe : **ny antitra**, nandritra ny fiañany nahapjirétra azy mihitsy.

2756. Ary raha te-ho afaka hiaña araka izáy tokony ho izy, ny fiañana Mahakijirijianā Katolika Rômanā ny olombeloña iráy, dia tsy maintsy miaña foaña hatrány itý Şakiraméta iráy izáy farany izáy tena manahirana itý antsoina hoe : **kôfésy** na fampihavanana amin'Andriamañitra Tjirinité Masina na fiekm-pinoana matóa miaiky heloka izy. 2757. Ny tena manahirana noho ny manahirana, dia ny antony ary ny didy makotra dia tena makotra tokóa izáy *manatáo* hoe : **tsy maintsy mandálo amin'ny fañelañelañan'ny Pjirétra, ny famotsoran-keloka**. 2758. Izáo no dikan'izány, **tsy maintsy tañisaináo amin'ny Pjirétra anakiráy izáy naházo fahefána hampikôfésy amin'io toerana misy anáo io, ny helokáo rehéra**. 2759. Tena manahirana noho ny manahirana io fomba iráy izáy takiana amin'ny kijirijianā katolika rômanā io.

2760. No sosotra sady tena hitako ho nivoaraména tahaka ny voatabía ny pjirétra ôritôdôkisa tsy katolika rômanā anakiráy, nony nilazáko hoe izy : tsy handráy ny Şakiraméta momba ny famelan-keloka avy amin'ny olona manambády aho, sao dia angé ka ataony resakampandriana amin'ny vadiny, ny heloka izáy nolazaiko azy. 2761. Tena no tsapako ho nimolamóla mihitsy iláy ranamana.

2762. Raha manáo fivahinianana masina ao Lourdes ao ny taiña, dia hahatsápa io año izáy mandéha any io, fa zava-dehibé sady makotra noho ny makotra tokóa ny toeran'ny **Kôfésy**, ao añatin'ny fiañan'ny olombeloña katolika rômanā anakiráy. 2763. Tsy mila lazaina anáo akóry fa tonga dia hoatra ny takian'ny taiñanáo amináo ny **fikôfeséna** mba hahazoanáo mañararaotra ny fahasoavambé izáy zaraím-potsiny ao añatin'io Vohitr'i Masina María ao Lourdes ao io. 2764. Manáo ahoana anéfa ny hevitra sy ny hevitráo momba sy mikasika izány atáo hoe : karazañ-pahotána izány ?

2765. Averiko indráy fa tsy mamakafáka ny finoana amin'ny mahafinoana azy aho. 2766. Mañampy anáo hiála voly sy handány fotoana tsara fotsiny madiña monja ihány aho. 2767. Averiko ihány koa fa momba sy mikasika ny Baibóly, dia tsy natáo afa-tsy ho an'ny Jody iréry ihány izy alóha. 2768. Ka ho an'iréo Jody rehéra rehéra iréo, dia tsy misy fifandraisany mihitsy ny Boky Voalohany sy ny Boky Faharóa na ny Teşitaméta Talóha sy ny Teşitaméta Vaováo.

2769. Isíka izáy tsy natáo ho an'ny Boky indráy itý, dia isíka Jétily amin'ny ankapobény izány, no mañitrikitrika sy mañiziñgiziña fa mifanóhy sy mifandráy ny Boky anakiróa. 2770. Tsy mino an'i Jesóa Kijirijity ho Andriamañitra ny 90%-n'ny Jodin'ny Taonjato faha-XXI. 2771. Tsy misy an'izány ihány koa moa ve ny voalazan'ny Evázilā Fahefatra izáy *manáo manáo* hoe : **na ny rahalahiny** (rahalahin'izy Jesóa Kijirijity) **aza tsy nino Azy** (Jesóa Kijirijity). 2772. Tsara angamba, hoy aho izány, ny miláza etoana fifanohizana anakiráy izáy tsy azo lavina mihitsy mba ho ohatra.

2773. Hahíta isíka any amin'ny Boky Dimin'i Môjy any, ny baiko farany izáy hentitra tokóa izáy mañambára *manáo manáo* hoe : **tsy maintsy masina ny vahoaka Jody satriá masina ny Andriamañiny izáy any Andañitra**. 2774. Vakintsika any amin'ny Evázilā ihány koa izány baiko izány : **aoka ho masina tahaka ny Rainaréo izáy any Andañitra añaréo**. 2775. Tian'i Jesóa Kijirijity Andriamañitra foaña moa ny mamariparitra hatrány hoe : **ny Raiko sy ny Rainaréo izáy any Andañitra**. 2776. Inona no anton'izány fañamarinana izány izáy miendrika fañavahana mazáva dia mazáva tokóa, indrindra moa ohatra ho an'ny Pjirôteşitatisimjā izáy toa tsy ho afaka na oviana na oviana hiántso an'Andriamañitra hoe : **Rainy**, raha ny teólózia fototra izáy ioraiñan'ny Pjirôteşitatisimjā no jeréna?

2778. Ao amin'ny Teşitaméta Talóha, dia ny Mpaminány no fototra teo amin'ny fifandraisana mivantaña tamin'Andriamañitra. 2779. Ao amin'ny Teşitaméta Vaováo kosa, dia mandéha alohan'ny Mpaminány ny Apôşitoly. 2780. Samy foto-pifandraisana mivantaña tamin'Andriamañitra izy roróa iréo. 2781. Samy mibaiko ny Boky anakiróa fa tsy maintsy masina isíka tahaka ny fahamasinan'ny

Andriamañitsika. 2782. Ny andraikitra goavaña iantsorohan'ny Biby Efatry ny Apôkalipişa, ohatra, dia ny miántso mandrakizáy *mandó mandó* hoe : **masina, masina, masina**.

2783. Tsy fantatro izáy antony ameraiñana azy intélo hoe : **masina, masina, masina**. 2784. Fanaon'ny Jody fahíny koa anéfa izány fameraiñana intélo izány. 2785. Inona no dikan'ny tarehimarika telo ? 2796. Samy ahitána ny endriky ny Andriamañitra Tĩrinité Masina {izáy tsy inoan'ny antokom-pinoana pĩrôtesĩtáta} ve ny Boky roa tonta ka izáy no antony iveraiñan'ny teny hoe : **Masina, Intélo?**

2797. Samy manaña elatra enina ny biby efatra. 2798. Lazain'ny Boky Dimin'i Môjy fa ny elatra roa dia natáo ho solon'ny « **takon-tongotra** » na « **takon-keñatra** » angáha, ho antsika ankehitríny. 2799. Ny roa hafa kosa, dia **hanaroñana ny tava mba ho fañajana (tahotra) ny voñinahitr'Andriamañitra**. 2800. Ny roa hafa koa dia natáo **hanidiñana**.

2801. Mbola mifanóhy ihány koa eto ny Boky Dimin'i Môjy sy ny Apôkalipişa izáy milazaláza momba ny Biby efatra izáy miendrika Liona (Fiandrianana sy Tanjaka), Ombaláhy (Hery) izáy tsy hadiñoina mihĩtsy koa fa fanáo soroña na joro farany izáy masina noho ny masina, Tavan'Olombeloña (Fahendréna), Voromahéry (hakingána). 2802. Noho izy iréo feno maso, dia afaka hahíta ny zava-drehétra izy efatra iréo. 2803. **Mijanona ho mişitéry, ho ahy RADANIELINA Ignace Marie Julien, ny amin'iréo biby efatra iréo**. 2804. Ny andraikiny kosa, dia ny miantsoántso mandrakizáy *mandó mandó* hoe : **masina, masina, masina**. 2805. Mitáky fañamasinan-taiña amintsika izány Andriamañitra Tĩrinité Masina {izáy tsy inoan'ny antokom-pinoana pĩrôtesĩtáta} na ao amin'ny Boky Voalohan'ny Baibóly ao na ao amin'ny Boky Faharoan'ny Baibóly ao ;

- lazaina mazáva fotsiny fa raha araka ny taratásy baiko sady didy izáy lalána navelan'i Martin Luther, dia tsy misy izány fanamasinan-taiña izány ao añatin'ny Antokom-pinoan'ny Pĩrôtesĩtátişĩmã izáy noforoñiny ao.

2806. Io áry soratako ho anáo ohatra iráy momba ny fañamasinan-taiña ao amin'ny Boky Voalohany. 2807. Nitomány sy nitaraiña foaña ny Mpaminány Lehibé Ijaía fa feno fahotána. 2808. **Malóto Molotra aho**, hoy izy. 2809. **Malóto Molotra ny Vahoakan'i Yaveh**. 2810. **Nefa dia mahíta « ny Masin'ny Hery rehétra aho »**, hoy ny Mpaminány Lehibé Ijaía.

2811. Toa mampangovitra kanéfa mahavariana noho ny mahavariana ny voalazan'ny Mpaminány Lehibé Ijaía eto. 2812. Diso satriá tsy ampy tanteraka mihĩtsy fa azo heverina ho fahavetavetána sy fihakisoavana fotsiny izáo, ny filazána fa ampy ny fangataham-pamelána ny fahotána sy ny heloka amin'Andriamañitra amin'ny alálan'ny fivavahana. 2813. **Efa nataon'ny Mpaminány Ijaía izány rehétra izány fa tsy nahafaka ny fahotány, tsy nahavoavéla ny heloñy**. 2814. **Mbola tsy afaka tamin'ny fahalotoan'ny molony izy**. 2815. **Tsy mbola no azony nafahana tamin'ny fahalotoan'ny molony ny Vahoakan'i Yaveh, dia ny jody izány**. 2816. Tsy maintsy misy zavatra hafa izáy tsy maintsy ataony izány mba hañafaka ny fahalotoan'ny molony sy ny fahalotoan'ny molotry ny Vahoakan'Yaveh izáy ny Jody mafihatoka kanéfa vahoaka voafidin'Andriamañitra.

2817. Tamin'izány andro izány áry, dia nidiña ny Şerafişan'Andriamañitra Yaveh. 2818. Naka vaináfo izy. 2819. Nodiovinny tamin'ny vaináfo ny molotry ny Mpaminány Ijaía. 2820. Dia hoy izy tamin'ny Mpaminány Lehibé Ijaía : **voavéla ny helokáo ary voonitra ny fahotanáo**.

2821. Fantatsika fa tsy mendrika ny soa sy ny fahamarinana na ny zava-masina ny alíka sy ny kisóa mihinan-tay miendrikolombeloña. 2822. Raha izáy voalazan'ny Boky Voalohany na ny Teşitaméta Talóha momba ny famelan-keloky ny Mpaminány Lehibé Ijaía izáy no jeréna eto, dia azo lazaina ho alíka sy kisóa mihinan-tay miendrikolombeloña, ny olombeloña rehétra izáy miláza fa ampy hahazoana ny famelan-keloka ny fangatahana ao am-po ao na ny fangataham-pamelána ny heloka sy ny fahotána amin'Andriamañitra Yaveh-Jehóva-Tompo amin'ny alálan'ny fivavahana fotsiny madiña monja ihány. 2823. **Tsy maintsy misy zavatra hafa**. 2824. Raha jeréna maimaika ny zava-misého eto, dia azo adíka tahatahaka izáo mañaraka eto ambány eto izáo ny fahazoako azy :

- *Voalohany* : fisehoana na fisiana no azo ilazána ny hoe : **zavatra hita maso amin'ny alálan'ny Şerafişma sy ny vaináfo ;**

- *Faharoan'izány* : **niafitra tamin'ny vataña sy ny nofon'ny Mpaminány Ijaía ny vaináfo ;**

- *fahatelon'izány* : nahazoan'ny Mpaminány Lehibé Ijaía ny fahasoavan'Andriamañitra Yaveh-Jehóva-Tompo iláy izy, **satriá dia no voavéla ny heloñy ary no voonitra ny fahotány**. 2825. Olona ambány zo sy hasina noho ny alíka sy ny kisóa mihinan-tay izány, ny olona izáy miláza amiko fa voavéla ny heloka kanéfa tsy hita iréo zavatra telo izáy tsy maintsy feno momba ny satam-pamelan-keloka iréo izáy faritina ho :

- **hita maso ;**

- **nataó ho ren'ny nofontsika sy ny vatañtsika ;**

- **ahazoana ny fahasoavan'Andriamañitra Yaveh-Jehóva-Tompo** ; ampahatsiahivina fotsiny fa raha ny teôlôzia fototra ijan'ny Pîrôteşitâtişimâ no jeréna, dia fanompoan-tsampy, ho an'ny Pîrôteşitâtişimâ izáy noforonin'i Martin Luther ny ezaka fanakarana na famatovatoana na fampivainganana ny fahalalána momba an'Andriamantra (Dieu est au-dessus de Dieu, Dieu n'est pas à chosifier) ; noho izáy dia tsy misy ny fifamezivezéna eo amin'Andriamanitra sy ny Olon'ny Antokom-pinoan'ny Pîrôteşitâtişimâ (pas de réciprocité) ; noho izáy dia havetavetána sy fanompoan-tsapy fa tsy misy izáy famelan-keloka izáy ; Andriamanitra no mamónjy amin'ny alálan'ny fahasoavany **iréry** ihány, ka voaondrana hatramin'ny mandrakizáy ho very na ho voavónjy ny Olon'ny Antokom-pinoan'ny Pîrôteşitâtişimâ, izáy teraka avy amin'i Martin Luther ; tsy afaka hiantso an'Andriamanitra ho Rainy ny Olon'ny Pîrôteşitâtişimâ, ny Olon'ny Zidaişimâ, ny Olon'ny Finoana Şilámo ; raha Olona na Vahoakan'Andriamanitra (peuple de Dieu) ny olon'ny Egiljy Katôlika Rômanâ, dia Olona na Vahoaky ny Baibóly (peuple de la Bible) kosa ny Olona na Vahoaky ny Pîrôteşitâtişimâ.

2826. Izáy izáy no ohatra iráy azoko nosoratana ho anáo mpiála voly amin'ny alálan'ny famakiana ahy momba sy mikasika ny fampifanohizantsika Jêtily na Jêtilşa izáy tsy natáo ho an'ny Baibóly Masina, ny Boky anakiróan'ny Baibóly na ny Teşitaméta Talóha sy ny Teşitaméta Vaováo. 2827. Anjaranáno ny mamakafáka mikasika izáy ho tohin'ny resaka momba izáy. 2828. Fa ho anáo ihány dia hambarako anáo ny fampiharana anakiráy izáy famelan-keloka izáy atý amin'ny Boky Faharóana na ny Teşitaméta Vaováo. 2829. **Hitaroña sy hisokéla ary hitáfa amináo amin'ny ambangovangony momba ny Sakiraméta mikasika ny Famelan-keloka aho.**

2830. Tsy anajarako ny manáo izáy. 2831. Raha te-hahalála ny marina momba izáy anáo, dia tsy maintsy mañatona mpitóntra fivavahana izáy hampahafantatra anáo izáy tena tokony ho izy. 2832. Tadiđio foaña fa fampialána voly no antsika.

2833. Ny diso rehéta, dia azonáo ahítsy avokóá. 2834. Hamaríno ny diso rehéta amin'ny tarikevitra voalazako ato añatin'ity Lahaporontáfa ity ato.

2835. Tsy mety anéfa ny saiko raha izáy indráy ka tsy fantatsika ny amin'ny teny mikasika an'i Ijaña Mpaminány Lehibé teo, ka dia aleoko iverainana indráy. 2836. Adikako iláy izy mba ho moramóra kokóá ny fahazoanáno azy.

« **Tamin'ny fotoana nahafatesan'i Ojiáša mpanjáka, no nahitáko ny Tompo, nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana avo sy manerinerina ary nahaféno ny tępóly ny rebareban'ny akanjony. Nisy Şerafimâ nitoetra teo añatrehany ; manañ'elatra enina avy : ny roa nisaroñany tava ; ny roa nisaroñany tongotra ; ny roa nañidiñany. Niántso mafy izy iréo, nifamály ka nanáo hoe :**

Masina Masina Masina Yaveh-n'ny tafika !

Feno ny voñinahiny ny tany rehéta.

Nihozoñgozoña ny fañambanin'ny vavahády, noho ny feon'izáy niántso mafy, ary tonga feno setroka ny traño. Ka hoy aho tamin'izáy :

Loza ho ahy ! maty aho !

Fa izáho olona malóto molotra ;

Ary ny firenéna hitoerako, malóto molotra ;

Nefa aho nahíta maso ny Mpanjáka, Yaveh-n'ny tafika !

Kanjo nidiña nañatona ahy, ny iráy tamin'ny Şerafimâ, nitóntra vain'afo teny antañany, nalainy tamin'ny tandra teo ambóny ôtély. Nakasiñy tamin'ny vavako izáy, dia hoy izy :

Jeréo, efa voakasik'ity ny molotráo ;

Ka voaesotra ny helokáo, ary voaonitra ny fahotanáo ».

2837. Mino aho fa mazáva noho ny mazáva izáy voalazan'ny Boky Voalohany eto izáy, momba ny hetahetam-pañamasinan-taiña izáy iezahan'ny Mpaminány Lehibé Ijaña hanañana. 2838. Tsy vitan'ny torapó **iréry** ihány monja madiña fotsiny, ny fangatahana famelan-keloka fa mila ary tsy maintsy misy asa na hetsika hita maso ka natáo hiafitra sy ho ren'ny nofo sy ny vatantsika. 2839. Tsy maintsy tontósa izáy rehéta izáy vao voavéla heloka ny taiña, sy voaonitra ny fahotán'ny taiña.

2840. Mazáva noho ny mazáva eto, fa ny famelan-keloka sy ny onitry ny heloka na ny onitry ny fahotána, dia zavatra roa samy hafa tanteraka tokóá. 2841. Tsy misy izáy hoe : voavéla heloka izáy, dia voaonitra koa ny heloñy na ny fahotány. 2842. Lainga famitahana vahoaka izáy. 2843. Fantatsika tsara fa nanaña ny tantára ratsiny ity resaka momba ny fañonerana ny fahotána ity izáy tsy inona tsy akóry fa ny tantaran'iláy nantsoina hoe : ny **Ēđiljász**. 2844. Niendaka tamin'ny Egiljy Katôlika Rômanâ noho ny foto-pisainana sy noho ny foto-pampiasána teo amin'ny andavanandrompiainana ny **Ēđiljász** i Martin Luther.

2845. Ny zava-dehibé eto, dia ny fahatsapána fa křišitiánā tokony hihevi-taiña ho biby hoatra ny alíka sy ny kisóa miandrikolombeloña, ny křišitiánā izáy mihevitra fa vitavíta foaña befahatány amin'ny alálan'ny fivavabavaha-poaña sy ny taraindraiña etsy sy eróa, ny fahazoana ny famelan-keloky ny Tompo Andriamanitra Iaveh-Jehóva. 2846. Izy Iaveh-Tompo Andriamañitra mihítsy eto, no nanolotra ny ohatra tsara izáy tsy maintsy arahina.

2847. Tsy misy fañamasinan-taiña azo atáo raha tsy voavéla ny heloka. 2848. Ny fahazoana ny famelan-keloka dia mañomé ny taiña ihány koa, ny fahefána hañonitra tsikelikély ny fahotán'ny taiña. 2849. Mihamasina tsikelikély amin'izáy fotoana izáy ny taiña. 2850. Anjaran'izy Andriamañitra Třrinité Masina {izáy tsy inoan'ny antokom-pinoana přrôteřitáta} no mitsára avy eo.

2851. Hita eto koa fa natáo ho fañirakiraka, ambonin'ny asam-piderány an'Andriamañitra Iaveh-n'ny Tafika, « ny zavapisiana » rehéra mañodidiña an'Iaveh-n'ny tafika ka manaña elatra. 2852. Raha izány no izy, dia natáo ho fanirakiraka momba sy mikasika ny inona sy manáo ahoana kosa, angáha, iréo biby efatra ao amin'ny Apôkalipiřa ao iréo ? 2853. Mahalála moa isíka rehéra fa sarotra ny tena hahafantatra izáy tena tian'ny Apôkalipiřa holazaina tanteraka.

2854. Mampieritreritra ny tarehimarika 666 amin'ny teny hebřrto fa 616 amin'ny teny gřřka. 2855. Miláza ny bibidía izáy mitalañandra miándry izáy hivoahan'ny zanak'iláy tovovávý virjřny tao ankibony no dikany, hoy ny olona mpamáky azy. 2856. Nenjehin'i Heróda ho no vonoina hatraiza hatraiza i Jesóa Křišřtý Andriamañitra fa tsy nahafáty azy.

2857. Ara-pañáhy kosa, dia hoy ny olona izáy nampiditra ny finoana teto Madagasikára teto niaraka tamin'ny fahavetavetan'ny fisarantsarahana tañy amin'izy iréo tañy : vatovatoina ho taratry ny fañenjehan'ny Egřřly Katólřka Rómáñā ny antokom-pinoana izáy niendaka taminy ihány koa ny tarehimarika 666. 2858. Tantaran'ny Egřřly tañy amin-dry zaréo Fřřřšáy tañy izány, fa tsy tantaran'ny Finoana teto Madagasikára tany sy firenéna sambatra teto kosa anéfa izy.

2859. Tsapako, ho ahy manokana fa tena amin'ny fomba manahirana ny fisaiñana no iaiñan-dry zaréo añy amin'ny Tany Mandroso rehéra añy ny atáo hoe : finoana. 2860. Mbola misy ve ho azy iréo ny atáo hoe : finoana sa inona ny finoana ho azy iréo?

2861. Tena mazáva sy midiridřy hoatra ny mason-trondro voaéndy ankehitriny fa tena misy marina ny atáo hoe fahasamihafána eo amin'ny finoana ho an'ny tany tapany atsimon'ny tany izáy mahántra sy ny finoana ho an'ny tany tapany avaratry ny tany izáy manañ-karéna. 7862. Ny fanafintohinana dia avy amin'ny tsy mba fisian'ny mpitóntra añy amin'ny foibé, olona izáy avy amin'ny tany mahántra. 2863. Mitény ho an'ny finoana izáy voaívó ara-pitondrána aho raha miláza izány. 2864. Ny olombeloña avy amin'ny tany vitsy an'isan'ny tany manañ-karéna hatrañy no miañinañina eo ambonin'ny seza fiandrianan'ny Fitondrána ny Egřřly sy ny Finoana. 2865. Ny antokom-pinoana tsy voaívó ara-pitondrána moa dia maniritsřy tahaka ny ahidrásy amin'ny toerana rehéra izáy mety ahitána olombeloña ihány koa.

2866. Raha nahíta olona izáy tsy fantany akóry nitény tamin'ny añaran'Izy Jesóa Křišřtý Andriamañitra ny Mpianatry ny Tompo, dia norarány tsy hanáo izány. 2867. Fa hoy ny valin-tenin'i Jesóa Křišřtý Andriamañitra : **aza rarána**. 2868. Rehéfa tsy mitsipaka anaréó izy iréo, dia momba antsíka.

2869. Laliña noho ny laliña izány tenin'i Jesóa Křišřtý Andriamañitra izány. 2870. Izáo no añisan'ny dikan'izány : tsy marina ny filazána fa tsy mifandráy mivantaña intsóny amin'ny olombeloña i Jesóa Křišřtý Andriamañitra nony maty ny Apôřitóly izáy no veloña farany. 2871. Afaka mifandráy foaña mivantaña amin'izáy olombeloña tiany hifandraisana mivantaña Andriamañitra Tompo sy Mpaháry ary Mpitáhy Andriamañitra Třrinité Masina {izáy tsy inoan'ny antokom-pinoana přrôteřitáta}. 2872. Nifandráy mivantaña ivelañin'ny vahoaka Jody izáy nofidiny tamin'ny Majy izy. 2873. Nifandráy mivantaña tamin'i Masindáhy Pôly Izy, ..., sy tamin'ny sisa tsy áry ho voatañísa.

2874. Raha izány no izy, dia ahoana sy manáo ahoana áry no fombafómba fañamasinan'iréñy olona iréñy taiña ? 2875. Miřřtéry izány, miřřtéry, miřřtéry ; tsy hitako ka tsy fantatro izáy fisian'izáy olombeloña dimbin'ny Apôřitóly izáy hany olombeloña afaka hitondra famelána ny heloky ny mpino tahaka izány. 2876. Fa ho ahy, dia indro lazaiko anáo itý ohatra iráy izáy efa natsidiko anáo terý alóha terý itý, izáy tsy inona tsy akóry fa ny **Kôfésy** izány na ny filazalazána ny heloka amin'ny Přřtra izáy olombelona tahaka ny taiña madina ihány monja koa.

2877. Moa misólo toerana ny ájély fañiraka řerafiñā ve ny Přřtra ? 2878. Nahoana ? 2879. Moa misólo an'iza áry ny Přřtra ? 2880. Sarotra ho ahy ny famaliana an'izány fa dia mañatóña ny Tomponandraikitra momba izány. 2881. Holazaiko anáo fotsiny hoe : araka ny finoana izáy nekéko, **mba hahazoako famelan-keloka**, dia tsy maintsy mañatontósa ny dingaña telo izáy novahavahaiko terý alóha terý aho.

2882. Marina ary tena tsoriko fa amin'izao andro mazáva sy diso mazáva loatra izáo, dia sarotra ho an'ny saiña mahaolombeloña izány hoe **mikôfesy** izány. 2883. Tena sarotra tokóa. 2884. **Tena mavaiváy noho ny afobé, ny hararin'ny firañirañin'ny lelanafon'ny filazána ny fahotána na ny heloka amin'ny Pîrétra iráy.** 2885. Efa nolazalazaiko anáo moa tañy ho aña, ny amin'ny atáo hoe : fahotána tahaka ny fahotána-savikómby. 2886. Tena miankiña tanteraka tokóa amin'ny fahaizan'iláy pîrétra "**indraindráy**" ny mandanjalanja ny hadirin'ny mahafahotána toy izáo na toy izáo, ny heloka anakiráy, ka izáy no tena mampanahirana azy.

2887. Fantatsika fa lavin'ny fahamarinana šiâtifika rehetra ny zavatra tahaka izány. 2888. Tsy misy mari-drefy arahina fa dia arakaraka izáy tian'iláy olombeloña **iréry** ihány hatáo. 2889. Jeréo indráy mandéha angé ny tenin'i Martin Luther momba ny Papan'i Rômā é ! 2890. Tsoriko anaréo fa tena manahirana tokóa, raha ny fisaiñako no añarahana ny fanadihadiana, izány hoe fomba anakiráy izáy ilazána ny heloka amin'ny Pîrétra izány.

2891. Ohatra iráy fotsiny madiña monja ihány no lazaiko anáo : ny evéka ihány no voatokana amin'ny andavanandrom-piaiñanáo, haméla ny heloky ny fanalan-jaza. 2892. Raha ho an'ny olombeloña tsy manañ-pinoana, fa olona mba afaka hisaina kosa, dia sarotra ny hiláza taiña fa manaña ny tena fahamarinana mikasika ny amin'izáy momba an'io famaritana io, ny olombeloña toa ahy. 2893. Tsy maintsy pîrétra ihány mantsy no **hikôfeşéna** an'izány heloka fanalan-jaza izány {na ny heloka famonoana olona ho faty}, aña amin'ny tany tsy misy evéka; tsy fantatro na azo ampitovizina na tsia ny fahotan'ny fanalan-jaza sy ny heloky ny famonoana olona ho faty.

2894. Ohatra iráy hafa, dia ny fandroahan'ny tao amin'ny Egilíjy Katólíka Rômáñā (excommunication) an'iláy vehivávy Bîrejiliáñā anakiráy izáy nampangála zaza ny zanañy vavy, tamin'ny voalohandohan'ny taona 2010. 2895. Niveriña tamin'ny fañamelohany an'iláy renimpianakaviana ny Egilíjy Katólíka Rômáñā avy eo ; no tezitra dahólo ny olombeloña rehetra izáy nandré an'iláy fañamelohana; tsy nisy izáy tsy no tafintohina Izáo Tontólo Izáo.

2896. **Ny famahan'ny Papa Benoá 16**, ny fampiasána ny fimailo mandritra ny firaisan'ny nofon'ny vehivávy olombeloña sy ny nofon'ny lehiláhy olombeloña, tamin'ny taona 2010, dia nahitána fihetsiky ny olona izáy tsy nampoizina tokóa. 2897. Nihorakoram-pifaliana avokóa ny mpikaroka sy ny manañpahaizana rehetra eran'ny tany, teo añatrehan'iñy fanapahan-kevitra nanañ-tantára iñy.

2898. Nefa na inona holazaina na inona hotantaraina, dia tsy afaka hanamasin-taiña araka izáy tokony ho izy aho, raha tsy mandálo amin'ny alálan'ny Pîrétra na amin'ny alálan'ny fañelañelañan'ny Pîrétra momba ny famelan-keloka. 2899. Henjaña anié izány ratsialáhy ka henjaña é !

2900. Ary izány indrindra no hitako ho mahatóngá ny olona maro hiendaka ny Egilíjy Katólíka Rômáñā aña amin'ny Tany Mandróso rehetra aña. 2901. Lazain'ny manañpahaizan'izy iréo fa tena tsy mitombona indraindráy ny lalána izáy apetraky ny Egilíjy Katólíka Rômáñā fa manohitra ny zo sy ny hasina mahanófo ny olombeloña.

2902. Lazainy matetika ho ohatra momba izány moa : ny tsy fanambadian'ny Pîrétry ny Egilíjy Katólíka Rômáñā; tsy vitsy koa anéfa ny olombelona hatramin'ny olombelona tsy mpinon'ny ny Egilíjy Katólíka Rômáñā aza izáy midéra tokóa an'io endrika tsy fanambadian'ny Pîrétry ny Egilíjy Katólíka Rômáñā io. 2903. Ny niafarány, dia ny fananganan'ny Egilíjy Katólíka Rômáñā Egilíjy **iráy** izáy lazain'ny aña ivelañy aña hoe : sadasáda, mba handraisana ny Olon'ny Āgîlikáñā izáy niveriña ho mpinon'ny Egilíjy Katólíka Rômáñā. 2904. Ny Āgîlikáñā izáy raisina ao, tsy sarotiny fa ny mpitazana etý ivelañy kosa, dia lavaléla tonga hatrañy andañitra sy tafidiña hatrañy amin'ny afobé.

2905. Izáo Ratsialáhy á, manahirana ny miresaka momba itý finoana itý; mariķiķiķita Kîriķitiáñā aho, hoy i Didier Ignace Ratsiraka. 2906. Saika hametraka ny fomba fisaiñana teôķkratikanany, teto Madagasikára teto, hono, tamin'izány andro izány, i Marc Ravalomanana. 2907. Namerimberina isan'andro vaky, i Andry Nirina Rjoelina, fa vahoaka mino an'Andriamañitra ny Vahoaka Malagásy; noho izány dia tsy maintsy manaña Miniķitéra izáy tsy hiandraikitra afa-tsy ny finoana sy ny fombandrazaña isankarazañy ny rafi-ponaiñan'i Madagasikára ny Vahoaka Malagásy .

2908. Azoko iatohana kosa tokóa fa tsy ho hita intsóny mandrakizáy doría alaoválo améñā aña Fîrása aña na aña Kanadá aña, ohatra, raha ny finoako no itenenako azy, ny zavatra izáy misého eto amintsika eto, momba ny fiaiñana ny atáo hoe : **finoana**. 2909. Maházo mivavabavaka aby rehéfa olombeloña rehetra atý Madagasikára atý. 2910. Feno olona isan'Alahády ny traño fingoñana samy hafa. 2911. Tsy misy tobim-pampielezam-peo anakiráy izáy tsy mandéfa hira fiderána iláy Naháry sy Mpitáhy eto Madagasikára eto. 2912. Variána ny vahíny rehetra. 2913. Noho izány, dia nahatény izy iréo *nandó manáo* hoe : **tsy afa-miaiña ivelañ'Andriamañitra ny Vahoaka Malagásy, tahaka ny tsy fahazoan'ny olombeloña ōiſa miaiña tsy misy famataranándro.**

2914. **Holazaiko an'i Mõpéra ve ny havetavetako rehéttra é ?** 2915. **Iza moa io iláy Píréttra io ?** 2916. **Soáva re ka tsará é !** 2917. **Samía hotahian'Andriamañitra Tjirinité Masina** (izáy tsy misy ho mpinon'ny Pjirõtejtãtijtãmjã) ! 2918. Ary tandrémó tsara ny fiañanáo satriá hoy ny Tompo :

« **Aza oména ny alíka ny zava-masina, ary aza atsípy amin'ny kisóa ny voahanginaréo, sao hitsahiny iréñy, dia hifotitra hamiravíra anaréó izy** ».

2919. Matóa misy eto Antány eto isíka olombeloña dia satriá manaña ny antony momba ny fampisiany antsíka etý, izáy Naháry antsíka. 2920. Tsy misy ny tovihavíha fa efa no voakajikajin'ny Tomponandraikitra avokóa ny zava-drehéttra. 2921. Míteraka fahavoazana ho an'ny fitambarana hatráñy, ny tsy fahatomombañan'ny asan'ny hafa.

2922. Adídy ny fañamasinan-taiña mba hitóndra fahatomombañan'ny asantsíka. 2923. Miainga amin'ny famelan-keloka ny fañamasinan-taiña. 2924. Sarotra anéfa ny fañatontosána azy.

2925. Fa niainga ny Şerafimã mba hitóndra ny vainafom-pamelan-keloka. 2926. Voaonitra avy hatráñy ihány koa ka tena mahagága ny sazim-pahotána rehéttra.

2927. Ka dia mba nanáo ny Azy ihány koa Rajesóa Kjirijity Tompo Andriamañitra. 2928. Tamin'izány andro sy vintaña izány, dia sendra no tafavóry ny Apõsjitólíny. 2929. Notsofiny fofonaiña avy tamin'ny vavany izy iréo. 2930. Hoy **Izy** :

« **Raiso Andriamañitra Fañáhy Masina ; ny fahotána izáy havelanaréó dia ho voavéla ; ny fahotána izáy hotananaréó dia ho voatána** » ;

- **inoako fa miháttra hatratý amin'ny dimbin'ny Apõsjitóly toy ny Píréttra ihány koa izány tenin'i Jesóa Kjirijity Tompo Andriamañitra Tsitóha izány.**

2931. Irak'laveh-n'ny Tafika ny Şerafimã izáy nitóndra ny vainafom-pampiharana ny famelan-keloka. 2932. Voaonitra ihány koa ny fahotána na niháttra avy hatráñy koa ny onitry ny sazin'ny heloka rehéttra rehéttra. 2933. Nadío nangatsohátso tsy nisy pentina intsóny i Ijaía Iláy Mpaminány Lehibé.

2934. Inoako fa Irak'i Jesóa Kjirijity Tompo Andriamañitra koa kosa ingáhy Mõpéra izáy tsy maintsy mihaino sy mandré avy tamin'ny vavako ny havetavetako sy ny heloko ary ny fahotako izáy efa tsy omby roa amin'ny folo vodiharoña intsóny ; **i Mõpéra no olom-boahosotra hañomé ahy ny sakjramétan'ny famelána ny fahotáko.** 2935. Tena mavaiváy lavitra noho ny vainafon'ny Şerafimã, ny havaivain'ny vainafon'ny firesahana amin'ny Mõpéra izáy dimbin'ny Apõsjitóly ny fahotána sy ny heloka samy hafa. 2936. Mafy izány te-ho voavónjy izány Ratsialáhy. 2937. Izány tokóa mantsy no fiañana eto ambonin'ity Tány Fandalovana itý eto ! 2938. Mafy izány te-ho sambatra izány ! 2939. Ho sambatra mandrakizáy anié isíka rehéttra;

- mba hafa loatra kosa ny an'ny olon'ny Antokom-pinoan'ny Pjirõtejtãtijtãmjã izáy efa no voaondrana hatramin'ny mandrakizáy ho very na ho voavónjy [double prédestination].

2940. Dia teto izány no nifaraña ny tantaram-piaiñako. 2941. Tsy mbola fantatro alóha izáy fotoana hahafatesako, aorian'izáo soratro izáo, fa dia efa mivoñona ho amin'izány aho; nivoñona mba ho niatrika ny datin'ny 21-12-2012 ihány koa tahaka ny manañaiña tsivakivolon'ity Pjlanéta Tany Fandalovana itý aho.

2942. No vaky ranondóha tañy an-tendrombohitry « **ny zina** » aho. 2943. Ambohijina no añaran'izány tendrombohitra izány. 2944. Dia no maty ny kambana tamiko izáy tsy iza fa i **Jean Pierre RADANIELINA sy ny zokiko anakiróa.** 2945. Dia nafindra hozanahin'ny fianakavian-dRALAIVÁO Philippe izáy havan'i Baba RADANIELINA Daniel Salomon ihány aho. 2946. Zaza fahafito tamin'iréo zaza valo amin'ny folo natera-drenináy RAVAOHÍTA Marie Esther sy ny Raiko izáy i Baba RADANIELINA Daniel Salomon aho.

